**SABATA 05 JANOARY 2013**
**MIVAVAKA HO AN'NY FIRAISANA**
**(Fiangonana maneran-tany sy eo an-toerana, ny orin'asa/sampan-draharaha sy ny fianakaviana)**
**------------------**

## FIZARANA 1

### Mba hamahanana ny fanahy dia mifandray tsy tapaka amin'i Jesosy

« Andriamanitra ô, Andriamanitro Hianao; mitady Anao fatratra aho; mangetaheta Anao ny fanahiko, maniry Anao ny nofoko, eto amin'ny tany maina sy mangentana tsy misy rano; » (Salamo 63:1)

Tsy misy olombelona afaka hanome fahafaham-po ny hanoanana sy ny hetahetan'ny fanahy. Nefa Jesosy nilaza hoe : « Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko. » (Apokalypsy 3:20). « Izaho no mofon'aina; izay manatona Ahy tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangetaheta intsony. » (Jaona 6:35)

Tahaka ny ilantsika sakafo mba hanohana ny herintsika ara-batana, dia toy izany koa no ilantsika an'i Kristy, Ilay Mofon'aina avy any an-danitra, mba hanohana ny fiainantsika ara-panahy ary hanome hery hanaovana ny asan'Andriamanitra. Tahaka ny vatana mandray sakafo tsy tapaka mba hanohanana ny fiainana sy ny hery, dia toy izany koa ny fanahy tsy maintsy mifandray tsy tapaka amin'i Kristy, milefitra eo Aminy sy miankina tanteraka Aminy.

Tahaka ny mpivahiny sasatra mitady ny loharano any an'efitra ary, rehefa mahita izany, dia manala ny hetahetany mandoro, toy izany koa no angetahetan'ny kristiana sy hahazoany ny rano madion'ny fiainana, izay Kristy no loharano.

Rehefa mahita ny fahatanterahan'ny toetran'ny Mpamonjintsika isika, dia haniry ny hovàna sy hohavaozina hitovy amin'ny endriky ny fahadiovany. Arakaraka ny ahafantarantsika an'Andriamanitra no maha-avo ny idealin-toetra tiantsika ho tratrarina ary maha-matotra ny faniriantsika hitaratra ny fanahafana Azy. Misy zavatra avy amin'Andriamanitra mikambana amin'ny maha-olombelona rehefa mitady an'Andriamanitra ny fanahy, ary ny fo feno faniriana dia afaka miteny hoe, « Miantombena amin'Andriamanitra tokoa ianao, ry fanahiko; fa Izy no antenaiko. » (Salamo 62:5)

Raha manana fahatsapana filàna ao amin'ny fanahinao hianao, raha noana sy mangetaheta ny fahamarinana hianao, dia porofo izany fa niasa tao amin'ny fonao Kristy, mba hahatonga Azy ho tadiavina hanatanteraka, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, ireo zavatra izay tsy ho vitanao samirery…

Ny tenin'Andriamanitra no loharanon'ny fiainana. Rehefa mitady ireny loharano ireny hianao dia ho voataona, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, ho amin'ny fifandraisana amin'i Kristy. Hisy fahamarinana mahazatra hiseho ao an-tsainao amin'ny endrika vaovao, hisy andalan-tSoratra Masina hiseho aminao amin'ny heviny vaovao toy ny tara-pahazavana, ho hitanao ny fifandraisan'ny fahamarinana hafa amin'ny asam-panavotana, ary ho fantatrao fa Kristy no mitarika anao, Mpampianatra avy any an-danitra no eo anilanao -- *Thoughts from the Mount of Blessing*, 18-20.

*Fanontaniana hifanakalozan-kevitra*:

*1/ Aminao ahoana ny fahazoana izany hoe mangetaheta sy noana an'Andriamanitra izany?*
*2/ Jereo avy amin'ny vakiteny teo ny fomba nomeny hanentana sy hanomezana fahafaham-po izany hanoanana sy hetaheta izany.*
*3/ Jereo ny fomba hampiharanao eo amin'ny fiainanao ireo tari-dalana avy amin'ny Soratra Masina sy ny Fanahin'ny Faminaniana hitantsika teo sy ny fomba hanampiana ny hafa hanao izany.*

## FIZARANA 2
## Afaka mandray ny fahasoavana tsy voafetra avy amin'Andriamanitra isika mba hanaovana ny tsara

« Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome zava-tsoa ho an'izay mangataka aminy? » (Matio 7:11)

Tsy maintsy manda ny tenantsika isika rehetra noho ny fitiavana an'i Kristy. Hoy Jesosy hoe : « Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy», « Ary izay tsy mitondra ny hazo fijaliany ka tsy manaraka Ahy dia tsy miendrika ho Ahy »

Rehefa mitaraina amin'Andriamanitra isika isaky ny dingana atao, mitalaho ny fahendren'ny lanitra rehefa mandroso, mitady ny fahazavana sy ny fahasoavana, mba hahazoantsika, amin'ny toe-javatra rehetra, manao amin'ny hafa izay tiantsika hataony amintsika raha teo amin'ny toerany isika, dia hahatsapa ny filantsika ny hanatanteraka ny fitakian'ny lalàna masin' Andriamanitra, dia ireo fitakiana lehibe sy lalina. Amin'izay dia very tsy ho eo imasontsika ny izaho, ary raha mijery an'i Jesosy, Tompon'ny finoantsika sy mpanefa azy isika dia hitoetra eo amin'ny fanorenan'ny asam-pamindrampo, ny asa tsy mila tambiny, asam-piantrana sy asam-pitiavana, izay oharina amin'ny volamena, sy volafotsy ary vatosoa, izay tsy ho azon'ny afon'ny andro farany ho levonina.

Ny Tompo Jesosy no fahombiazantsika amin'ny zavatra rehetra ; ny Fanahiny no tokony ho loharanon'ny fihetseham-pontsika ; ary rehefa mametraka ny tenantsika eo am-pelantànany isika mba ho fantsona hitondra fahazavana, dia tsy ho ritra na oviana na oviana ny fomba hampiasaintsika hanaovana ny tsara; satria omena antsika ny tahirin-kerin'i Jesosy Kristy. Afaka mandray ny soa rehetra avy amin'ny fahafenoany isika, ary mandray ilay fahasoavana tsy manam-pahataperana. Ny Kapitenin'ny famonjena antsika no hampianatra antsika isaky ny mandingana fa ny hery tsitoha dia azo amin'ny alalan'ny fangatahan'ny finoana velona . Hoy Izy : « Raha misaraka Amiko hianareo dia tsy mahay manao na inona na inona » ; nefa manambara indray Izy manao hoe : «hanao asa lehibe noho izany aza (hianareo) satria Izaho mankany amin'ny Ray ».

Tokony hivavaka tsy mitsahatra isika. Amin’ny fitalahoana eo amin’ny seza fiandrianan’ny fahasoavana amin’ny anaran’i Kristy dia azo antoka ny teny fikasana, « Na inona na inona hangatahinareo amin'ny Ray dia homeny anareo amin'ny anarako izany. Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo; mangataha, dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo. » . Raha manao an’Andriamanitra ho tokinareo tanteraka hianareo, raha miantso Azy amin’ny fonareo rehetra, dia hanao izay hahitana Azy Izy. « Ary amin'izany dia hiantso ianao, ary Jehovah hamaly; Eny, hanandratra ny feonao ianao, ary Izy hanao hœ: Inty Aho ». *The Review and Herald*, 30 Octobre, 1894.

<u>*Fanontaniana hifanakalozan-kevitra*</u>:

*1/ Nahoana no lazaina fa zava-tsoa avy any an-danitra ny fahasoavana?*
*2/ Hazavao amin’ny fomba tsotra sy azo ampiharina avy hatrany izany hoe “ mandà ny tenany sy mitondra ny hazo fijaliana ka hanaraka an’I Kristy izany”?*
*3/ Ho an’ny tena manokana: Diniho sy ataovy an-tsoratra ireo izay mahatonga ny fandavan-tenanao tsy ho tanteraka amin’ny fahafenoany dia ento am-bavaka eo amin’I Kristy mandritra ny fotoam-bavaka.*

## FIZARANA 3
## Amin’ny toe-javatra rehetra dia manome fitahiana vaovao Jesosy

« Nahoana no mitanondrika ianao, ry fanahiko? ary nahoana no mitoloko ato anatiko ianao? Manantenà an'Andriamanitra, fa mbola hidera Azy ihany aho, Izy no famonjena ny tavako sady Andriamanitro. » (Salamo 42:11)

Nianarantsika teo anivon’ny fanandramana mampalahelo sy manjombona fa tsy fahendrena ny manana sitrapo na fomba araka ny tenantsika samirery, ary tsy mandefa fisaintsainana na eritreritra akory ny amin’ny fahatokian’Andriamanitra. Heveriko fa anisan’ireo izay afaka mahatsapa izay ilain’ny hafa isika ary mifampihevitra. Voafatotry ny fahasoavan’i Jesosy Kristy isika ary amin’ny fatoran’ny fifampiheverana kristiana dia hamasinina amin’ny alalan’ny fahoriana isika…

Ny fahoriana matetika dia famindrampo miova endrika/misaron-tava. Tsy fantatsika izay nety ho fiainantsika raha tsy nisy azy ireny. Rehefa arodan’Andriamanitra, noho ny fidirany an-tsehatra mahagaga, ireo drafitra mamintsika, ary mandray zava-mampahory isika ho solon’ny fifaliana, dia miankohoka amin’ny fanetren-tena isika ka hilaza hoe : « Hatao anie, Andriamanitra ô, ny sitraponao ». Tokony hikolokolo ary hikolokolo hatrany fahatokiana tony sy ara-panahy an’Ilay tiantsika Izay nanolotra ny ainy ho antsika isika. « Jehovah handidy ny famindram-pony nony andro, ary ho amiko nony alina ny fihirana Azy, dia vavaka amin' Andriamanitry ny aiko. Hoy izaho amin'Andriamanitra Vatolampiko: nahoana no nanadino ahy Hianao? nahoana no mandeha mijoretra aho noho ny fampahorian'ny fahavaloko? »

Hitan'Andriamanitra ny fahoriantsika. Amin'ny fahatsaram-panahy sy ny fanavahana tsara dia voalanjany sy voafaritra izy ireny. Tahaka ny mpandrendrika volafotsy, dia manara-maso antsika isam-potoana Izy mandra-pahavitan'ny fanadiovana. Ny afo fandrendrehana dia natao hanadiovana fa tsy hanimbana na handevonana. Hataony izay hahatonga ireo mametraka ny fitokisany Aminy hihira hiram-pamindrampo eo anivon'ny fahoriana. Manara-maso fatratra Izy mba hahazoany manome, amin'ny fotoana ilàna izany indrindra, fitahiana vaovao, hery amin'ny fotoan'ny fahalemena, vonjy amin'ny fotoanan'ny loza, namana amin'ny fotoana maha-irery, fiombonan'alahelo avy amin'ny olombelona sy Andriamanitra amin'ny fotoan'ny fahoriana.

Eny an-dàlana hody any amin'ny fonenantsika isika. Ilay tia antsika fatratra ka maty nisolo antsika dia nanorina tanàna ho antsika. Ilay Jerosalema Vaovao no toerana fialan-tsasatra ho antsika. Tsy hisy alahelo intsony ao an-tanànan' Andriamanitra. Tsy ho re intsony ny hira fahalahelovana maneho fahadisoam-panantenana sy fitiavana nalevina. *Daughters of God* 223, 224.

*<u>Fanontaniana hifanakalozan-kevitra</u>*:

*1/ Amin'ny lafiny manao ahoana amin'ny fiainana no maha-mora mitanondrika ny olona? Ny lehilahy? Ny vehivavy?*
*2/ Jereo avy ao amin'ny vakitenintsika teo ny fomba hahatonga anao hitraka sy hahery mandrakariva satria manantena an'Andriamanitra mandrakariva na dia ao anatin'ny toe-javatra faran'izay ratsy indrindra aza?*
*3/ Inona ny fomba hataontsika mba tsy hivembena ny finoantsika sy ny fanantenantsika an'Andriamanitra?*

## FIZARANA 4
## Azo antoka ny fandresena ho an'izay rehetra mankato ny baikon'i Kristy

« Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hananananareo fiadanana amiko. Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao. » (Jaona 16:33)

Tonga teto amin'ny tontolo misy antsika Kristy mba ho antoka ho an'ny taranak' olombelona, nanomana ny làlana ho an'ny rehetra hahazoana fandresena amin'ny fanomezana azy ireo hery ara-môraly. Tsy sitrapony velively ny hahatonga ny olona iray ho amin'ny toerana/toe-javatra tsy hitondra soa ho azy. Tsy hamela ireo izay mitolona fatratra mba handresy, ho feno henatra sy ho kivy noho ny famelezan'ny fahavalo fetsy Izy. « Matokia », hoy Izy, « Izaho efa naharesy izao tontolo izao. »

Miaraka amin'ny Jeneraly toy izany mba hitarika ansika ho amin'ny fandresena, dia afaka hanana fifaliana sy zotom-po isika. Tonga Izy mba ho tompon-daka ho antsika. Fantany ny ady tsy maintsy ataon'ireo rehetra mifandrafy amin'i Satana. Velariny eo anatrehan'ny mpianany ny drafitry ny ady, amin'ny fanoritana ny toetoetra mampiavaka azy sy ny fahasarotany, ary amin'ny

fampitandremana azy ireo mialoha mba tsy hiditra anisan'ny tafika raha tsy efa namantatra izay ho sandan'izany. Lazainy azy ireo fa ny fitambaran'ny herin'ny ratsy dia miara-mioko hanohitra azy ireo, ary asehony fa miady ho an'ny tontolo tsy hita maso izy ireo, ka ny tafika tarihiny dia tsy hoe olombelona fotsiny ihany no ao. Ny miaramilany dia mpiara-miasa manana fahendren'ny lanitra, ary misy Anankiray Izay lehibe lavitra noho ny anjely ao an-daharana ao ; satria ny Fanahy Masina, Izay solon-tenan'i Kristy no eo.

Koa antsoin'i Kristy ny mpianatra tsirairay izay tapa-kevitra, tena miaramila tokoa, mba hiady ho Azy, amin'ny fanomezany toky fa hisy fanafahana ho an'ireo izay mankato ny baikony. Raha mijery amim-pahatokiana ny Kapiteny ny miaramilan'i Kristy handraisany ny toro-marika ho azy ireo, dia hanatrika ny ady ataon'izy ireo amin'ny fahavalo ny fahombiazana. Tsy mampaninona izay mety ho fomba amelezany azy ireo, fa amin'ny farany dia ho mpandresy izy ireo.

Mety ho maro ny kilemany, lehibe ny fahotany, toa tsy azo ihoarana ny tsy fahalalany, kanefa rehefa mahatsapa ny fahalemeny izy ireo ka mijery an'i Jesosy Kristy mba hila vonjy, dia Izy no ho fahombiazan'izy ireo. Vonona mandrakariva Izy hanazava ny fahadontoan'ny sain'izy ireo ary hanampy azy ireo handresy ny toetrany mpanota. Raha mampiasa ny heriny izy ireo dia ho voaova ny toetrany ; ho voahodidin'ny tontolon'ny fahazavana sy ny fahamasinana izy ireo. Noho ny fahamendrehan'i Kristy sy ny heriny ampitaina amin'izy ireo dia « manoatra noho ny mpandresy » izy ireo. Hisy fanampiana tsy hita maso homena azy, izay hahatonga azy ireo hahavita asa amin-kery tsitoha na dia ao anatin'ny fahalemena aza.

Ireo izay miady ho an'i Kristy dia miady eo imason'ny lanitra manontolo, ary tokony hijoro ho tena miaramila tokoa izy ireo, fa tsy ho kanosa… Amin'ny alalan'ny finoana dia tokony hijery amim-pahatoniana ny fahavalo izy ireo sady mihiaka hoe : « Miady ny ady tsaran'ny finoana izahay, eo ambany fitarihan'ny Hery mahefa ny zavatra rehetra. Satria velona Izy dia ho velona koa izahay » -- *The Signs of the Times*, May 27, 1897

*Fanontaniana hifanakalozan-kevitra*

*1/ Aminao rahoviana no azo lazaina fa mpandresy ny olona iray? Mandalo sa monina maharitra ny fandresena?*

*2/ Araka ny vakitenintsika teo ahoana no hahatonga anao ho mpandresy? Inona avy ireo dingana tsy maintsy ho lalovan'ireo izay te-handresy?*

*3/ Ento am-bavaka mba ho azo antoka sy maharitra ny fandresenao.*